




**LES HISTOIRES SUR  
LES BAOBABS DANS  
LE DISTRICT DE  
MAHABO**





**RENALA ANDAPANAMPELA**  
**(Fokontany Andohaviana, CR Ampanihy)**



## RENALA ANDAPANAMPELA

**MALAGASY:** Tamin'ny vaninandro nahavelona ny Mpanjaka Resaotsy, dia efa nisy renala iray lehibe atao hoe Andapanampela ao atsimon-tananan'Andohaviana. Renala fotorany iray izy io fa roa ny fitiriny, ny raiky avo ny iray miafara boribory. Io mpanjaka io dia mandeha matetika aty Andohaviana fa satria nisy ombiny izay napetrany tany, ary ao atsinana tanana no toerana misy valan'izany omby maro izany. Koa rehefa izy tonga aty Andohaviana ka mandeha miboaky dia eo amin'io renala io no fiialokafan'izy mivady. Voamarika ny olona tokoa fa isaky tonga aty izy dia eny ihany no hialokafany sy hipetrapetrahany. Noho ny mpanjaka Resaotsy vehivavy, no nanaovana io faritra misy an'io renala mianaka io hoe Andapanampela. Ity renala ity dia nitompoan'ny mpanjaka taloha, rehefa niala ny mpanjaka mpanompo azy dia nisy olona napetrany tao Andohaviana izay razan'olona atao hoe Mikea. Koa rehefa tonga ny fotoana nahafatesan'io mpanjaka io dia nanomboka teo no nanompoan'olona io renala io. Rehefa manao fanompoana dia manao fisaha ka ny andro anaovana dia zoma fotsiny, ny fitaovana anaovana azy, mitady tantely maromaro, omby mazava loha samborimbotitsy na soavolo, vavy na lahy. Izany omby izany raha adika, dia madio mahota. Rehefa vory aby ireo fitaovana, dia mitady andro kosa hiketrehana io tantely io atao toa-mena dia toaka tantely izany, afaka andro maromaro no masaka io toaka io dia manambara eo amin'ny tanana ilay mpanompo fa anao azy isika. Isan-taona amin'ny andro migodo dia mivory ny iray tanana na zaza na lehibe. Manao jomira sy manao taly kidoko ny ampela. Tsy mahazo mitondra akanjo ary mitsoka antsiva ny lehilahy. Tsy azo atao manao firavaka dia manao kolondoho mizotra mankany andapa miaraka amin'ireo fitaovana voalaza teo ireo. Atao eo ny omby sy ny toa-mena ary papitantely, vonoina ny omby ary tatazina ny rà amin'ny finga, ny hena hanina eo iaby tsy misy handesina, ny taolany sy ny angozina halevina mba tsy hohanin'ny alika, tsy misy mahazo manday hena mody. Ny papitantely apetraka eo amboniny renala tapaka. Ny rà iny dia andesina any atsinana ao anaty vondro misy rano atao hoe Mandroatsy, io rano io dia avy amin'ny toerana Andapanampela io izany hoe Andapanampela sy Mandroatsy dia iray ihany. Io rano io dia tsy misy mahazo mandeha afa-tsy ny nasain'ny tompony avao. Marihina etoana anefa io Andapanampela io tsy azo anaovana voady fa kosa rehefa mivaly ny fangatahanao dia omby voalaza eo ihany sy toaka tantely ro handesinao fa ny mpanompo ihany no mitata azy. Mandrak'izao dia mbola hajaina io renala io ary mbola mitohy ihany ny fanompoana azy.

**FRANÇAIS :** Durant le règne de la reine Resaotsy, il y avait un baobab ramifié en deux, un grand et un petit, appelé demeure d'une femme ou "Andapanampela" au sud du village d'Andohaviana. La reine venait souvent au village car l'enclot de ses zébus était à l'Est du village. Chaque fois qu'elle et son roi viennent, ils sortaient et s'installaient sous l'ombrage de ce baobab. Les gens ont remarqué que chaque fois que la royauté arrivait, elle s'y installait. L'emplacement de ces deux baobab est appelé demeure d'une femme ou Andapanampela à cause de la reine Resaotsy. Ce baobab a été vénéré par l'ancienne royauté. Quand elle ne venait plus au village d'Andohaviana, elle a désigné une personne pour glorifier cet arbre à sa place et cette personne est l'ancêtre des Mikea. C'est à partir du décès de la reine Resaotsy que la population locale a commencé à vénérer ce baobab. La cérémonie se passe uniquement le vendredi. Pour cela, on a besoin de beaucoup de miel et de zébu à tête claire "omby mazava loha", mâle ou femelle. Quand toutes les choses nécessaires à la cérémonie sont réunies, une journée est consacrée à la fabrication de l'alcool à base de miel, cela peut prendre plusieurs jours. Chaque année durant la saison de pluie quand les tonnerres grondent, le Mikea rassemble tout les villageois petits et grands. Pendant la cérémonie, les bijoux sont interdits, les femmes sont vêtues de la même manière et leurs cheveux sont tressés de façon traditionnelle. Les hommes sont torse nus et soufflent des cornes. On apporte le zébu, l'alcool à base de miel et les alvéoles d'abeilles au baobab. Le zébu est tué et le sang est vidé sur un plat. On mange toute la viande et c'est interdit d'en rapporter. Les alvéoles d'abeilles sont posés sur le petit baobab. Les os et la peau sont enterrés pour que les chiens ne les mangent pas. Le sang est transporté à l'Est à la source Mandroatsy à l'aide d'un récipient en quenouille d'eau. Cette source se trouve près d'Andapanampela. Cette source est interdite à tout le monde sauf pour les personnes invitées par le Mikea. Il ne faut pas faire des promesses à ces baobabs mais quand on demande quelque chose, on apporte seulement un zébu et l'alcool à base de miel au Mikea qui transmet le remerciement quand la demande a eu la réponse escomptée. Jusqu'à maintenant, tout le monde respecte et glorifie ce

**ENGLISH:** During the reign of Queen Resaotsy, there was a baobab ramified in two, one big and one small called woman residence or Andapanampela in south of the village of Andoviana. The Royalty often came to the village because of its zebu enclosure in eastern part of the village. Every time she came to town, she and her king took out and settled in the shade of the baobab. People noted that whenever royal family was coming, they settled under the baobab. The location of these two is baobab called woman residence or Andapanampela because of Queen Resaotsy. The ancient monarchy idolize this baobab, when they left, they named someone in Andoviana village, ancestor of Mikea people, to venerate the tree. It is after the death of the Queen Resaotsy that local people began to idolize the baobab. The ceremony will be done only on Friday. They need a lot of honey, adult zebu with clear head or "omby mazava loha" male or female. When all things are ready, one day will consecrate to transform the honey to alcohol, it may take many days. After, the responsible tell to the village that the ceremony can start. The ceremony will take each year during the rainy season when the thunders rumble. All people in the village assemble adult or kids. During the ceremony, the jewellery is prohibited; the women are dressed the same way and their hair is plait traditionally. Men are naked and blow a horn. People bring all things needed to the baobab: alcohol made with honey, zebu and honeycomb. The zebu is killed and the blood is poured into a dish, all the meat is eaten during the ceremony, the bones and skin are buried so that dogs do not eat them, no one bring meat. Honeycomb is put on the little baobab. The blood is carried with a container made with water distaff to the spring Mandroatsy in the east of the village. The spring Mandroatsy and the baobab Andapanampela are close. It is forbidden to everyone except those invited by the Mikea. It is forbidden to make promise when asking something to the baobab, when the request has discounted response people, bring zebu and alcohol made with honey to the Mikea who convey the thanks. Until now, everyone respects and celebrates the baobab.

**RENALA BETALAPIO**  
**(Fokontany Mahasoa-Nord, CR Ankilivalo)**



## RENALA BETALAPIO

### **MALAGASY:**

Io renala Betalapio io dia izao ny dikany tena fototra, teo aminy mbola nahakely antena izany dia efa nisy nahasahy nikarama mahota araiky hifioka manodidina an'io renala io. Hifioka mandeha moramora miadana anao tsy paha depa manomboka nitsangananao ampandrefany fotorany dia ho avy eo tsy foay, izay nanaramaha ny olona omby tamin'io fotorany renala io eo noho ny habevatany. Izy anie masina io renala io, azo hisoronana azo hisolohavana fa ny hanao boto ihany no rarana amin'io. Tahaka izao ny fomba fangatahana eo amin'ny Betalapio: "Mangataka aminao izahay mba hampio. Ianao anie fangatahan'olo anio. Nagny baka atsimo, nany baka avaratra dia omba aminao eo re Betalapio. Tahio tsara, tahio soa io. Izay mangataka ho soa ho tsara aminao io Betalapio". Io tsy misy tantara ny mpanjaka na amin'iza na amin'iza fa hasiny fotsiny aminy koko lapiny aminy lehibeny. Izay no mikasika ny renala Betalapio ao avaratra faritry Fokontany Mahaso-Nord io. Tena be vata io, izay no mahabetalapio azy.

### **FRANÇAIS :**

Le vrai sens de ce baobab Betalapio. C'est parce que cet arbre est tellement large que des personnes osaient donner un jeune zébu à celui qui arriverait à siffler sans s'arrêter en faisant le tour de ce baobab, et en marchant lentement. Ce baobab est sacré, on peut faire des sacrifices et des cérémonies. Mais il est interdit de faire les besoins pressant sous le pied de cet arbre. La demande peut se formuler comme suit : "Nous te demandons de nous aider. Tu es ce que les gens espèrent aujourd'hui. Qu'on vient du sud, ou du Nord, Betalapio sera toujours avec nous. Bénit-nous. Betalapio, donne des réponses satisfaisant à ceux qui te demandent assistance". Ce baobab n'appartient à aucun roi ou reine mais simplement il a un esprit. C'est l'histoire de ce baobab Betalapio au Nord du Fokontany Mahaso-Nord. C'est le plus grand des baobabs, c'est pour cela que son nom est Betalapio.

### **ENGLISH:**

The true meaning of the baobab Betalampio. This tree is so large that people dared to give a young zebu to person who arrives to whistle without stopping and walking slowly doing the turn of the baobab. This baobab is sacred; we can make sacrifices and ceremonies on this tree. But it is prohibited to make urgent needs in the foot of the tree. The demand is like this: "We ask you to help us. You are what people expect today. You come from the south or the north, Betalapio will always be with you. Bless us. Betalapio gives satisfying responses to those who ask you something". This baobab is not belonging to any king or queen but it just has a spirit. This is the story of the baobab Betalampio in the north of Fokontany Mahaso North. This baobab is the biggest in this region that is why his name is Betalapio.

**ANJALOAKY**  
**(Fokontany Manamby, CR Ampanihy)**



## ANJALOAKY

### **MALAGASY:**

Raha ny tantaran' ity Anjaloaky ity no hazavaina tsotsotra eto dia tantara nalaiko avy amin'olona avy eto Manamby satria misy olo teto Manamby nitantara, fa hoe io Za atsimo atsinanan'ny Manamby io dia Za filomesa tamin'ny fisavan-karatra taloha. Dia nisy rangahy atao hoe: Dadajaona. Ka Dadajaona koa nitantaran'ny dadalihany. Dia io dadilahin'i Dadajaona io nitantara amin'ny anany hoe: io Za loaky io likely, tandremo sao kitikitihanareo fa io nanavotra anay tamin'ny faha vazaha nisava karatra. Ka dia nafetrany koa tamin'izay, ny hoe na kitrokony na ny zanany dia aoka tsy hamono Za, indrindra fa tsy hikikitika io Za io. Ka ity renala ity dia tsy tompon'olona fa nohajain'ilay olona tamin'izay ary nataondreo sahala amin'ny trano, filomesana io Za io.

### **FRANÇAIS :**

Si on raconte l'histoire de ce baobab, elle est simple. C'est une histoire que j'ai entendu d'une personne de Manamby qui disait que les gens couraient s'abriter à l'intérieur de ce baobab au Sud-Est du village de Manamby durant le contrôle des pièces d'identité pendant la colonisation. Il y avait un homme qu'on appelle Dadajaona qui a eu cette histoire de son grand-père. Le grand-père de Dadajaona a raconté à ses descendants: mon petit, fais attention à ce baobab avec un grand trou, faut pas le détruire car cet arbre nous a sauvé lors du contrôle de la carte d'identité. Il a formellement interdit à tous ses descendants de détruire mais de respecter les baobabs mais surtout ce baobab. Ce baobab n'est pas vénéré mais respecté par les gens, c'est comme leur maison où ils s'abritent en cas de problème.

### **ENGLISH:**

If we tell the story of this baobab tree, it is simple. I hear the story from people from Manamby who said that people use this baobab with big hole as shelter in south of the village of Manamby during the control of the identity card throughout the colonization. There is a man called Dadajaona who have this story from his grand-father. His grand-father told: my little boy, be careful with this baobab with hole, don't destroy it because this tree save us during the control of identity card. He strictly forbade not destroying and respecting this tree to his entire descendant. This baobab is not venerated but respect by people; it is like their house where they have shelter in case of problem.



**ANDRENALAMAMY**  
**(Fokontany Bepeha, CR Ampanihy)**



## ANDRENALAMAMY

### MALAGASY:

Fohy aloha ny valiny fanontaniana manao hoe: inona ny maha Andrenalamamy ity renala ity? satria ity renala ity mamy, izy no mamy indrindra ato anatin'ny fokontany Bepeha. Nefa amin'ny maha mamy azy izay dia mbola navozavoza amin'ny anarana maha Andrenalamamy azy izay fa ohatra nisy tantara nahamasaka ny anarana eto. Nisy vazaha nanao fitsidihana teto aminay Bepeha, izahay amin'izany mbola nadinika dia nandesin'ny olobe teto amin'ity renala ity, dia tamin'ny fotoana nahavokatra moa amin'ny fimasahan'ity renala ity eto nandalovandreo teto angamba. Dia nihinana ilay vazaha dia mamy. Dia nisy mpandika teny moa niaraka tamindreo, dia iny nahaizany teny gasy, efa farany teny gasy hainy mamy... mamy hoy nataon'ny vazaha io teto. Dia iny moa nihehy aby izy natrehandreo teto, dia masaka amin'izao dia iny rikiahy renala mamy fa tandroy no tena mponina eto sy antesaka zay nomendry zareo zanatany ity tany ity sady nitantana ity Bepeha ity. Dia izay ny tantara fohifohy ny hazohazoko maha renala mamy azy masaka ny renala mamy, raha Bepeha no hitadiavana renala manana anarana Andrenala mamy dia ity. Fa ity renala ity dia tsy tompon'olona fa manana ny hasina satria misy Do nitaiza ity renala ity. Fa amin'izao dia nisintona ilay Do noho ny fahasimban'ny tontolo iainana.

### FRANÇAIS :

La réponse à la question, pourquoi ce baobab est doux ou "Andrenalamamy"? Est courte. Parce que ce baobab est doux, c'est le seul baobab qui donne des fruits doux dans le Fokontany Bepeha. Même si le fruit de ce baobab est doux, on a eu peur de poser le nom "Andrenalamamy". Mais il y a eu une histoire qui a fait ce nom, il y avait des étrangers qui ont visités Bepeha, on était des enfants en ce moment là. Les gens les ont emmenés sur ce baobab. C'était pendant la période où les fruits sont mûrs. Ils ont mangé les fruits et ont trouvé ça doux. C'est ainsi que l'interprète avec eux a traduit le mot mamy. C'est avec lui qu'ils ont appris à parler malgache. "Mamy" est le seul mot malgache qu'ils savent, et c'est ce qu'ils ont dit sur ce baobab. Et ils ont tous rit, et le nom de ce baobab est devenu doux baobab ou "renala mamy". En ce temps, ce sont les Tandroy et Antesaka, des gens venus du sud de Madagascar, que les autochtones ont placé et gouvernent Bepeha. C'est la courte histoire de ce doux baobab, si on cherche à Bepeha un doux baobab c'est celui là. Ce baobab n'est pas vénéré par la population locale mais il est sacré car il y avait un serpent ou "Do" qui prenez soins de cet arbre mais il n'y est plus à cause de la destruction de l'environnement.

### ENGLISH:

The answer of the question, why this baobab is sweet or "Andrenalamamy"? is short. Because this baoba is sweet, it is the only sweet baobab in the Fokontany of Bepeha. Even though the fruit of the baobab is sweet, we are afraid to put the name sweet baobab or "Andrenalamamy" to this tree. But there is a story of this name, when foreigners visit Bepeha during the colonization; we are kids on this time. They came to the baobab eat the fruit and they found it sweet. It is during period when fruits are ripe. They have an interpreter and teach them Malagasy. Sweet or "mamy" is the only Malagasy word they know, and they said it when they eat the fruit. All of them laugh and the name of this baobab became sweet baobab or "renala mamy". On this time, , that native people place Tandroy and Antesaka, people from the south of Madagascar to gouvern Bepeha. It is the little story of this sweet baobab, if you search a sweet baobab in Bepeha, it is this one. This tree is not venerated by people but there is a snake or "Do" which take care this baobab but now there is no snake in this baobab tree because of the environment destruction.

**ANJÀ**  
**(Fokontany Anjiro, CU Mahabo)**



## ANJÀ

### **MALAGASY:**

Amin'izao fotoana izao dia efa any amin'ny 90 taona ity Za ity. Tsy maty izy ity fa nisy rahavaviny efa maty. Nifandimby ny fotoana, ka ny anaran'io Za io dia efa anaran-tanana aby. Fa taty afara rehefa nahazo fokontany, niendaka tamin'ny Mahabokely ny tananan'ny Anjà sy Ambohimahasoa dia natao hoe fokontany Anjiro, fa mijanona ho renivohitra ny fokontany Anjà noho ity Za ity avao. Ity Za ity dia efa ela. Tany amin'ny 1960 na 1967 dia filalaovan'ny ankizy izy ity. Ity Za ity dia nitompon'olona taloha ka ny vehivavy te-hanana anaka dia afaka namihina azy io tamin'izany andro izany. Ity renala ity ihany koa dia natao fanaovana tange aby ka tsy nampisy halatra teto Anjà taloha. Ny Ray aman-dreny izany dia namono omby teto taloha, ary fanaovana fisampy teto ka nitange teto aby ny Tanana iray manontolo: Anjiro, Ambohimahasoa mba tsy hisy halatra madinidinika eto. Na dia halatra omby aza tsy nisy, kanefa amin'izao fotoana izao dia efa maro ny olona fa be ny zaza, manjary izay raha tsy nisy aby teto taloha nanjary nisy.

### **FRANÇAIS :**

Aujourd'hui ce baobab a environ 90 ans. Au départ il y avait deux baobabs mais l'un n'est plus. Le temps a passé et le nom de ce baobab était le nom du village. Mais longtemps après les villages d'Anjà et Ambohimahasoa sont devenus un Fokontany appelé Anjiro mais le chef lieu du Fokontany reste Anjà à cause de ce baobab. Aux environs de 1960 ou 1967, ce baobab était la place préférée des enfants pour jouer ensemble. Les gens vénèrent cet arbre. Les femmes qui ne pouvaient pas avoir d'enfant étreignaient le baobab. Les villageois faisaient des serments ou engagements au pied du baobab pour qu'il n'y ait pas de vol. Les anciens ont sacrifié des zébus sur ce baobab tout en réunissant tout le village: Anjiro, Ambohimahasoa afin qu'il n'y ait plus de vols. Même le vol de zébu n'existait pas en ce temps là. Mais le temps évolue et la population a augmentée. Ainsi, les mauvaises choses qui ne survenaient pas au temps d'avant se produisent actuellement.

### **ENGLISH:**

Now, this baobab is about 90 years old. Initially there were two baobabs but one is dead. Time pass and the name of this baobab became the name of the village. But long time after, the village of Anjà and Ambohimahasoa became Fokontany called Anjiro but the center is still the Anjà village because of this baobab. Around 1960 or 1967, the baobab was the favorite place for kids to play together. People venerated this tree. Women who are childless could tight the baobab. The villagers were oaths or engagements at the base of the baobab to ensure that there is no stealing. The ancients sacrificed zebu this baobab while gathering the entire village: Anjiro, Ambohimahasoa in order to ensure no more stealing. At that time, zebu theft did not exist. Population increase and the bad things that did not occur on this time happen now.

**ANJAMANDROMBO**  
**(Fokontany Soatanana, CR Ankilivalo)**



## ANJAMANDROMBO

### MALAGASY:

Ao Andrefan'ny Tanambao misy tanana atao hoe Soatanana, eo no misy renala atao hoe "Anjamandrombo". Taloha dia nisy fasana misy fanahin'ireo Betsileo takaikin'io Renala io. Tsy misy nanompo azy io Renala io. Talohan'izany anefa dia nisy kilibe tao avaratra antsinana tanana tao. Ary io kily io no notompoin'olona tao an-tanana. Rehefa tonga ny SODEMA (mpiasa lakan-drano) dia nandringana ny ala rehetra ary anisan'izany io kilibe io. Manarak'izany dia nanamboatra lakan-drano ny olona ao Soatanana. Rehefa tonga teo atsimo antsinanan'io renala io dia maty ny tracteur niasa io hadirano io. Nanomboka tamin'io fotoana io no nanombohana nahenoana fa toa misy feon'ny tracteur rehefa hariva ny andro. Nitohy hatrany ny fotoana. Eny fa isaky ny zoma tolakandro tokony amin'ny telo (3) ora dia toa maheno "rombomasaka" tegna, manahaka ny olona manao kolondoho mihitsy, manahaka ny fomba sakalava. Mitohy ihany ny fandrenesana ny rombo hatramin'ny alina. Hatreo dia heno ihany izany feo eo amin'io Renala io. Ary tamin'izany no nahatonga ny anaran'io Renala io hoe "Anjamandrombo". Tsy vitany hoe rombo ihany no heno fa miaraka amin'ny "langoro". Fa ny mahagaga anefa dia izao: raha avy ao antsinanana ianao dia andrefan'io Renala io no heno ny feo, fa raha avy ao andrefana kosa ianao dia toa ao antsinanan'io renala io ilay feo. Nanapa-kevitra ny tao an-tanana fa hafindra eo amin'ny "Anjamandrombo" ny fanompoana. Nilaza anefa ny mpimasy fa mitady omby mazava loha hanaovana izany fomba izany. Tsy dia nodarian'olo (rarahiana olona) tao an-tanana izany fandoavana omby izany, ka lasa tsy vanona ny famindrana ny fanompoana amin'io toerana io. Rehefa nisy ny fivoarana ara-pinoana taty aoriana, lasa mpiandry ny tompon'ity tany ity. Dia nirohany ilay jiny ka amin'izao dia efa lasa toera-pambolena manodidina ity renala ity. Nanomboka teo dia tsy heno intsony ny rombo sy ny langoro. Hatramin'izao dia mbola ao io renala io ary mbola raikitra anarana hoe "Anjamandrombo".

### FRANÇAIS :

A l'ouest de Tanambao, il y a un village appelé Soatanana, Il y a un baobab nommé baobab qui applaudit ou "Anjamandrombo". Il y a très longtemps, il y avait un tombeau où les esprits des Betsileo reposaient près de ce baobab. Personne ne vénérât cet arbre en ce temps. Avant cela il y avait un grand tamarinier au nord du village que la population locale vénérât. Quand la SODEMA arriva, ils ont rasé la forêt y compris le grand tamarinier. Les gens qui vivaient à Soatanana ont aussi construit des canaux d'irrigation. Quand le tracteur qui creusait le canal passait au sud-est de ce baobab, ceci est tombé en panne. C'est à ce moment que des gens racontent qu'on entend les ronronnements du tracteur au crépuscule. Et tous les vendredis à trois heures de l'après-midi on entend beaucoup sons d'applaudissent et des tam-tams comme lors des fêtes sakalava, et ces bruits continuent jusqu'au soir. C'est à ce moment que les gens ont appelé ce baobab "Anjamandrombo". Ce qui est étrange c'est que si vous êtes à l'Est de l'arbre le son vient de l'Ouest et vice versa. La population a pris la décision de vénérer ce baobab. Mais le grand sorcier du village a dit que cela nécessite le sacrifice d'un zébu à tête claire ou "omby mazava loha". Les gens n'ont pas pris compte de ce que le sorcier a dit et le transfert n'a pas aboutit. Avec l'essor de l'évangélisation dans le village, le propriétaire de ce lieu est devenu très croyant et a chassé l'esprit qui habitait le baobab. Depuis, on entend plus les sons d'applaudissement et les tam-tams. Jusqu'à maintenant le nom de ce baobab reste "Anjamandrombo".

**ENGLISH:** There is a village called Soatanana in the west of Tanambao, there is a baobab called clapper baobab or "Anjamandrombo". Long time ago, there was a tomb close of this baobab where the spirits of Betsileo rested. Nobody venerated this tree at this time. Before there was a large tamarinier on the north of the village that local people worshiped. When SODEMA arrived, they razed the forest including this large tamarinier. People in Soatanana also built irrigation channels. The tractor broke down arriving in the southeast of the baobab when digging canal. It is at this moment that people hear purring tractor at dusk. And each Friday at 3.00 pm, they hear a lot of cheering sounds and drums like sakalava celebration, and it continues until evening. Since people have called this baobab "Anjamandrombo". What strange is that if you are in the east of the tree the sound is coming from the West and vice versa. Population decided to venerate the baobab. But the witch of the village said that this requires sacrificing a zebu with head clear or "omby mazava loha". People do not take account of that and the transfer was unsuccessfully. With the expansion of evangelization in the village, the owner became believer and chases the spirit in this tree. Since they did not hear sounds of clapping and drums. Until now the name of the baobab is "Anjamandrombo".